# 11 NY FILAZAM-POTOANA

## TANJONA

Manavaka ireo karazana filazam-potoana sy ny fampiasana izany.

## LESONA HOTADIDINA

**FAMARITANA :**

Ny antsoina hoe Filazam-potoana dia zana-teny entina hanamarihana ny fotoana LASA, ANKEHITRINY ary HO AVY.

Ohatra :

Nanapa-kevitra aho. >>Manamarika ny "lasa".

Hiala ao aho. >> Manamarika ny "ho avy"

**KARAZANA FILAZAM-POTOANA :**

Raha lafiny fifamaliana no jerena dia azo zaraina ho sokajy roa lehibe izy :

- Ireo ahitana fifamaliana telo lafy
- Ireo ahitana fifamaliana roa lafy

**1. Ireo ahitana fifamaliana telo lafy :**

Misy karazany roa ny fifamaliana telo lafy.

a) Ny fifamaliana : n-/ m-/ h- (lasa, ankehitriny, ho avy)

Ohatra :

Niray hina ny Malagasy. ( Lasa)

Miray hina ny Malagasy. (Ankehitriny)

Hiray hina ny Malagasy. (Ho avy)

b) Ny fifamaliana : n(o)/ Ø/ h(o) (lasa, ankehitriny, ho avy)

Ho an'ny teny miantomboka amin'ny no, ho sy renin-tsoratra.

Io filazam-potoana io koa dia hita amin'ny matoanteny misy tovana –ina na –ana, na koa ho an'ny teny miantomboka amin'ny zana-tsoaratra roa mifanarakaraka.

Ohatra :

Nampiasaina ireo fitaovana nozaraina. (Lasa)

Ampiasaina ireo fitaovana nozaraina. (Ankehitriny)

Hampiasaina ireo fitaovana nozaraina. ( Ho avy)

2. Ireo ahitana fifamaliana roa lafy :

Misy karazany roa koa ny fifamaliana roa lafy.

a) Ny fifamaliana : Ø/ ho (ho avy sy tsy ho avy)

Ampiasaina amin'ny matoanteny.

Ohatra :

Azoko ny karamako. (Tsy ho avy)

Ho azoko ny karamako. (Ho avy)

b) Ny fifamaliana : t-/ Ø (Lasa sy Tsy lasa)

Ampiasaina amin'ny mpisolo toerana.

Ohatra :

Eo izy. (Tsy lasa)

Teo izy. (Lasa)

**Sahanasa 1**

Rasao ny EM, ka apetraho ny filazam-potoana :

F1. Nivory ny fianakaviana rehetra.

……………………………………………………………………………

F2. Omanina ny fandraisam-pitenenana.

……………………………………………………………………………

F3. Hisakafo ny ankizy rehetra rehefa vita izany.

……………………………………………………………………………

**Sahanasa 2**

**Izahay mianakavy**

Mivory am-pifaliana ny mpianakavy fa tratry ny taona. Amin'ny tonon-taona toy izao tokoa mantsy dia mihaona amin-karavoana ao amin'i Dadabe sy i Nenibe ireo zanaka aman-jafiny. Homena fanomezana ireto Ray aman-dreny. Tsy amin'ny tonon-taona toy izao ihany no iraisanay fo, fa mifampitsidika matetika koa izahay. Mifamangy izahay raha misy marary, na voina, na hafaliana … , eo amin'ny iray aminay. Ho avy ny manaraka, hifety indray izahay.

1) Avaho ny fehezanteny.
2) Lazao ny filazam-potoana isaky ny fehezanteny.
3) Omeo ny fifamaliana hita isaky ny fehezanteny.

**Sahanasa 3**

Mamorona fehezanteny amin'ny matoanteny ahitana filazam-potoana lasa roa sy ankehitriny roa ary hoavy roa.